


Paparazzi... Iza moa Ietsy no naha Paparazzi an'ialahy raha tsy tao amin'ny « *La Gazette* » dia tsy iza izany fa i Maître sy Prezida ...?




**Ankavian'ny sary, James Ramarosaona, Filohan'ny Holafitry ny mpanao gazety malagasy (OJM) teo aloha miaraka amin'Andriamatoa Koto Bernard, minisitry ny Tontolo iainana teo aloha. Izay karazana sary izao no naha Paparazzi an'i Alain Michel**

Ialahy ilay tonga dia mahavita mitsoriaka rehefa maka sary, ialahy ilay mahavita maka « *angle* » tsy hitan'ny bandy rehefa ihany koa.

Tsy ho ary voatanisa leitsy ry Alain Michel Rasolofo ny mamy niarahana... Satria tena ory ny fo. Lahatr'Andriamanitra, hoy ny andaniny... Hetraketry ny fiainana kosa, hoy ny ankilany...




**Paparazzi sy ny fakan-tsariny manoloanan'ny rehetra tamin'ny hetsika nanoherana ilay *" Code la Communication"***
**Andrianjato, ny 30 Jona 2016. Taona 2020 vao nandresy ny tolona na dia nisa-bazana izay tsy izy ny mpanap gazety...**

Mitamberina ao an-tsaina vetivety ireny fotoana ireny... Soa fa nisy ireny... Ho fahatsiarovana mba navelan'ialahy, fa raha ny ngidin'ity aretina ity no eritreretina dia efa ela angamba ny be sy ny maro no namoy fo.

Mandalo ny eto leitsy. Mandalo tokoa. Veloma ialahy. Mandria am-piadanana.


Mampamangy any amin-dry Razaka, Lalou, Rado, Carl, Mox, Ra-Sa, Aimée, Franck, sy ny akama rehetra efa nialoha làlana rehetra any leitsy ah.




**Ny fahitan'i Paparazzi an'i Rossy an-tsehatra**

Mankahery ny vady aman-janak'ialahy, ny fianakaviana ary ny namana rehetra ao amin'ny *« La Gazette de la Grande île »*
.






**Faly RAJAONARISON**